Sorona manokana

# Fetin'i Masimbavy Thérèse Couderc

Virjiny


**26 septambra**



- Choisissez Fichier > Imprimer
- Choisissez une imprimante dans le menu
- Sous Dimensionnement et gestion des pages, sélectionnez Livret
- Sélectionnez l'une des options suivantes :

  Recto verso (Imprimantes recto verso) imprime automatiquement des deux côtés du papier, si votre imprimante prend en charge l'impression recto verso automatique,

  ou Recto / Verso (pour les imprimantes non recto verso). Si votre imprimante ne peut pas imprimer automatiquement des deux côtés, imprimez d'abord les feuilles sur le recto. Rechargez ensuite les pages dans le bac et imprimez le verso.




PDF multipage imprimé sous forme de livret : quatre pages par feuille, imprimées recto-verso, reliure à gauche.

Ce livret a été téléchargé sur le site www.cenacle-gen.org
© Congrégation Notre-Dame du Cénacle

# SORONA MANOKANA

ARCHIVES GENERALES NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

## An' ny Fikambanan' i NOTRE DAME DU CENACLE

## Foibe Katolika momba ny Fivavahana amin' Andriamanitra

Prot. N° 171/86

### *HO AN' NY FIKAMBANAN' NY MASERA NOTRE-DAME DU CENACLE*

*Noho ny fangatahan' i Mamera Lydia NOTO, Lehiben' ny Fikambanan' ny Masera Notre-Dame de la Retraite au Cénacle, eran-tany, ao amin' ny taratasy nalefany tamin' ny 10 janoary 1986, ary noho ny fahefana manan-kery nomen' ny Papa Joany Paoly faha-2 an' ity Foibe Katôlika ity, dia ankatoavinay sy hamafisinay amin' ny fonay tokoa, ny teny frantsay nanoratana ireo Sorona Masina sy Vavaka fanamasinana ny andro, araka izay voalahatra ao amin' ny Boky miaraka amin' ity fankatoavana ity.*

*Ao amin' izay boky hatonta printy, dia aoka hampahatsiahivina ny fankatoavana nataon' ny Manampahefana eo amin' ny Fiketrahan' ny Apôstôly. Ary aoka handefasana boky roa amin' ireo vita printy, aty amin' ity Foibe Katolika ity.*

*Tsy mahasakana an' izao, izay fepetra mifanohitra aminy.*

*Avy eto amin' ny Foibe Katôlika momba ny Fivavahana amin' Andriamanitra, androany 16 avrily 1986.*

*Kardinaly PAUL AUGUSTIN MAYER, osb*
*Filoha*

*† Vergilius Noè*
*Arseveka mitondra ny anaran' ny Voncarie*
*Mpitantsoratra*

## 26 SEPTAMBRA

## MASIMBAVY THERESE COUDERC,
Virjiny

ARCHIVES GENERALES NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

## FANKALAZANA MANETRIKETRIKA

I Thérèse Couderc dia teraka tany Le Mas de Sablières (Ardèche any Frantsa), tamin' ny 1 febroary 1805, fianakaviana mpamboly. Tamin' ny taona 1826, tany La Louvesc (any Frantsa) no nanorenany niaraka amin' i Mompera Etienne Terme, ny Fikambanan' i Notre-Dame du Cénacle, manokan-tena hampianatra sy hanolokolo ny finoana : amin' ny fihatahana masina sy ny fampianarana Katesizy ary ny fanasoavana hafa ara-panahy.

Niaritra fitsapana maro sy fijaliana betsaka izy nandritra ny fiainany (naongana tamin' ny fitondrana aza tamin' ny taona 1837), fa nandefitra tamim-pinoana lehibe sy fanetren-tena lalina.

Ny fiainam-panahiny miorina amin' ny fahatsapana lalina ny hatsaram-pon' Andriamanitra, dia fantatra manokana amin' ny fianteherana tanteraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra sy ny fitoloran-tena hotarihin' ny Fanahy Masina. Nodimandry tao Lyon izy, tamin' ny 26 septambra 1885, ary natsangan' ny Papa Paoly fahaenina ho olomasina tamin' ny 10 mey 1970. Efa miely eran' izao tontolo izao ankehitriny ny Fikambanana naoriny.

# SORONA MASINA

## Tononkira fidirana

Galata 2, 20

*« Izay ahavelomako amin' ny nofo ankehitriny izao, no ahavelomako amin' ny finoana ny Zanak' Andriamanitra, Ilay efa tia ahy. »*

*VONINAHITRA ANIE...*

## Fangatahana

ARCHIVES GENERALES
NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

Ry Ray tena tsara fo ô,
nankasitrahanao ny fiainana feno fanetren-tena
niainan' i Masimbavy Thérèse Couderc
ilay nahafoy tena tanteraka ho fitiavana Anao,
ary nampitondrainao vokatra sesehena ;
koa mba omeo fahasoavana izahay :
hiaina ho mpanaraka ny sitra-ponao tahaka azy,
ary hitory ny Vaovao Mahafaly
hampitombo ny voninahitrao.
Amin' ny alalan' i Jesoa Kristy
  Zanakao Tomponay
izay Andriamanitra velona sy manjaka
  miaraka aminao
ao amin' ny Fanahy Masina,
amin' ny taona mandrakizay. *Amen.*

# Fankalazana ny Tenin' Andriamanitra

ARCHIVES GENERALES NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

**VAKITENY I :**

« Tompo ô, asehoy ahy ny Tavanao »

## Boky Eksaody 33, 18-23

**Tamin' izany andro izany, i Moizy nanao tamin' ny Tompo hoe : Mba ataovy mahita ny voninahitrao aho. Ka hoy ny navalin' ny Tompo : Hampandaloviko eo anatrehanao ny hatsaram-poko rehetra ; ary hotononiko eo anatrehanao ny anaran' ny Tompo ; fa mankasitraka izay ankasitrahako aho ary mamindra fo amin' izay amindrako fo. Dia hoy ny Tompo : Tsy afa-mahita ny tavako ianao, satria tsy afa-mahita ahy ny olombelona ka mbola ho velona ihany. Hoy ny Tompo : Indro misy fitoerana eto akaikiko, ka hijanona eo ambony vatolampy ianao ; ary rehefa mandalo ny voninahitro, hataoko ao an-tsefatsefa-bato ianao, dia hosaronako amin' ny tanako mandra-pandaloko ; izay vao hesoriko ny tanako, ka eo ivohoko no hahitanao ahy, fa ny tavako tsy hay jerena.**

## **Salamo** 41 (42) 2, 3, 5, 9, 12

Fiv. *Ny fanahiko mangetaheta*
*an' ilay Andriamanitra velona*
*Rahoviana aho no hahita Azy mifanatri-tava?*

Toy ny diera mihanahana maniry rano velona
ny fanahiko maniry Anao Andriamanitra ô !

Ny fanahiko mangetaheta an' Andriamanitra
Ilay Andriamanitra velona
Rahoviana aho no ho afaka hanaram-po
sy hankafy ny Hasoan' Andriamanitra ?

Vao tsaroako manko ny fahiny
dia miempo ny fanahiko ato amiko.
Endrey izany izaho mitarika vahoaka
izay mandroso ao an-tranon' Andriamanitra,
amim-peo fifaliana sy fiderana
sy horaka an-danonana manakoako !

Ny Tompo : antoandro maneho ny fitiavany ;
Izaho alina, mihira sy midera
an' Ilay Andriamanitra velona.

Matokia fa izaho mbola hidera
an' Ilay Andriamanitra Mpamonjy ahy !

**VAKITENY II :**

« Izay ataon' izao tontolo izao ho malemy no nofidin' Andriamanitra ».

## Taratasy voalohan' i Md Paoly ho an' ny kristianina tany Korinto 1, 26-31

**Jereo ange ry ralahy, izato ianareo voantso e : tsy firy no hendry araka ny nofo, tsy firy no mahery, tsy firy no avo razana ! fa izay ataon' izao tontolo izao ho adala no nofidin' Andriamanitra hampahamenatra ny hendry ; izay ataon' izao tontolo izao ho malemy no nofidin' Andriamanitra hampahamenatra ny mahery ; ary izay iva razana amana faneso amin' izao tontolo izao, dia ny atao ho tsy misy aza, no nofidin' Andriamanitra hahatsinontsinona ny misy, mba tsy hisy nofo hirehareha eo anatrehan' Andriamanitra. Fa avy aminy no maha-ao amin' ny kristy Jesoa anareo, dia ilay nataon' Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana ary fahamasinana amam-panavotana ho antsika, mba ho tanteraka ny voasoratra hoe : Izay mirehareha, aoka ny Tompo no ho reharehany.**

## Fihobiana

Aleloia, Aleloia. Izay mitoetra ao aminao, ry Tompo no mamoa be.
Aleloia. Jo 15, 5b

## Evanjely Masina nosoratan' i Masindahy Joany 12, 24-26

« Raha maty ny voam-bary dia mahavokatra be »

**Andro vitsivitsy talohan' ny Paka, dia hoy i Jesoa tamin' ny mpianany : Lazaiko marina dia marina aminareo fa raha tsy maty ny voam-bary nafafy tamin' ny tany, dia mitoetra foana izy : fa raha maty kosa izy, dia mahavokatra be. Izay tia ny ainy no hahavery azy ; fa izay mankahala ny ainy amin' izao fiainana izao no hitahiry azy ho amin' ny fiainana mandrakizay. Raha misy manompo ahy, dia aoka izy hanaraka ahy, ary izay hitoerako no hitoeran' ny mpanompoko koa. Raha misy manompo ahy, dia homen' ny Raiko voninahitra izy.**

## Fiekem-pinoana :

ARCHIVES GENERALES NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

ZAHO MINO

## Vavaka fanolorana

Ry Andriamanitra tsara fo ô,
jereo amim-pitiavana ity vahoakanao mivavaka,
ary raiso ny fanatitra atolotray
amin' izao fankalazana
an' i Masimbavy Thérèse Couderc izao ;

fa nankasitrahinao ny fiainany
nanolorany ny tenany ho an' ny Fanahy Masina ;
koa enga anie izao Sorona izao
  hahatonga ny fiainanay
ho fanatitra mandrakizay ho Anao be voninahitra.

Amin' ny alalan' ny Kristy Tomponay. *Amen.*

ARCHIVES GENERALES NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

## Prefasy

Marina tokoa, ry Ray masina dia masina,
fa tsara ny miaiky ny voninahitrao
avy amin' ny fandresen' ireo Olompinidinao.
Tsy taka-polopolorina ny fahendrenao
fa nataonao feno Anao ny zava-boaarinao,
ary nataonao fonenan' ny Fanahinao ny fonay.
Koa amin' izao fankalazana
an' i Masimbavy Thérèse Couderc anio izao
dia tianay ny hiaraka aminy
hidera ny hatsaram-ponao tsy misy fetra
sy ny fitiavanao feno hery.
Fa nahafoy tena ho Anao izy,
ary nahita fa i Masina Maria Virjiny,
sy ireo Apôstôly tao amin' ny Senakla
dia fakan-tahaka ho an' ny Eglizy mivavaka,
mba ho fantatra sy homen-boninahitra
  hatraiza hatraiza
ny Anaran' i Jesoa Kristy Tomponay.

Koa amin' ny alalan' Izy Kristy
miaraka amin' ny Anjely sy ny Olomasina rehetra

no ihiranay fiderana Anao be voninahitra
tsy mitsahatra manao hoe :

MASINA, MASINA...

## Tononkira amin' ny Komônio Lk 12, 49

« Tonga hanipy afo ety ambonin' ny tany Aho, ka akory ity faniriako mba hirehetany sahady », hoy ny Tompo.

## Vavaka aorian' ny Komônio

Tompo ô, izao Eokaristia izao
no amelomanao anay osa sy malemy,
sy amporisihanao anay hangetaheta Anao,
amin' ity andro ankalazana
an' i Masimbavy Thérèse de Couderc ity.
Koa mitalaho an-tanan-droa aminao izahay,
mba ataovy miredareda faniriana
hiaina ao amin' ny fitiavanao
mba hanompo ny Eglizinao tsaratsara kokoa.
Amin' ny alalan' i Kristy Tomponay. *Amen.*

## Tso-drano amim-pomba lehibe

Enga anie ny Ray feno hatsaram-po,
hahavelona antsika
ho tia Azy ao amin' ny zava-boaary rehetra.
ary ho tia ny zava-boaary rehetra ao aminy.
*Amen.*

ARCHIVES GÉNÉRALES
NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

Enga anie i Jesoa Kristy hampitombo
ao amintsika
ny faniriana hahalala Azy bebe kokoa
mba hitiavana Azy,
ary hitarika ny manodidina antsika ho tia Azy.
*Amen.*

Enga anie ny Fanahy Masina hampianatra antsika
handre ny antson' ireo havantsika
ary hahafoy tena hamaly antso Azy. *Amen.*

Ary hitso-drano antsika anie
Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra :
ny Ray, sy ny Zanaka, sy ny Fanahy Masina.
*Amen.*

Imprimatur
22 februoary 1992
Cardinal Victor Razafimahatratra
Arseveken' Antananarivo